

# TAHIRY

SERASERAN'NY TAHIRIM - BOLAM - PANJAKANA

Bulletin mensuel d'information et de liaison de la Direction Générale du Trésor

Numéro 10



AOUT 2011

## Mandats de paiement : izay ara-dalàna ihany no azo aloa

Rehefa miresaka Tahirim-bolam-panjakana matetika dia fandoavam-bola no mby ao an-tsaina voalohany: ny fisotroan-drononon'ny zokiolona, ny karaman'ny mpiasam-panjakana, ary ny fandanihana eny anivon'ireo Andrim-panjakana sy ireo Ministera isan-tsokajiny. Raha ity sokajy farany ity no horesahina dia ny 90% n'ny teti-bolam-panjakana dia ny Paerie Générale d'Antananarivo avokoa no misahana ny fandoavana azy.

Saro-pady tokoa ny asan'ny Tahirim-bolam-panjakana satria etsy andaniny, maika amin'ny famoaham-bola ireo Andrim-panjakana sy Ministera isan-tokony mba hampihodinana haingana ny raharaham-panjakana. Etsy ankilany anefa dia tsara tsiahivina fa volam-bahoaka no entina handoavana ireny fandanihana ireny, ka tanteraka amin'ny Tahirim-bolam-panjakana tokoa ilay fitenenana hoe « Mpiandry omby volavita, tsy tompony fa mpamerin-dohany »; ary misy ny didy aman-dalàna mifehy ny famoaham-bolam-panjakana izay tsy maintsy arahina.

Tsara ho fantatra fa ny fanamarinana ny taratasy momba ireny fandanihana vita ireny dia mbola mandalo fitsarana eny anivon'ny « Cour des Comptes ». Tsy azo odian-tsy hita ihany koa ny andraikitra mavesatra iantsorohan'ny mpitam-bolam-panjakana, antsoina amin'ny fiteny mahazatra hoe « responsabilité personnelle et pécuniaire ».

Noho ireo antony ireo dia tsy azo atao-tao foana ny fanaovana ny « visa » ary tsy maintsy mandalo dingana fanamarinana (contrôle) maro ny antontan-taratasy iray vao afaka mirosy amin'ny fandoavana ny

vola ny Tahirim-bolam-panjakana. Ireto avy izany : fanamarinana ny maha ara-dalàna ny olona manao sonia sy manome ny baiko handoavana ny vola ; fisian'ny sora-bola misokatra mifanaraka amin'ilay fandanihana ; ny fahampian'ny vola kirakira (fonds) ; ny maha-marina ilay fandoavam-bola, fanamarinana ny olona tokony handoavana ny vola ; fanamarinana ny fahampian'ny antontan-taratasy entina amoahana ny vola sy ny sisa.

Raha toa ka misy tsy tanteraka ireo fepetra ireo, izany hoe tsy manara-penitra ny antontan-taratasy voaray dia mirosy amin'ny fanaovana « rejet » ny Tahirim-bolam-panjakana ary tafiditra tanteraka anatin'ny asany izany. Io « rejet » io matetika no miteraka fimenomenomana.

Tiana anefa no mampahafantatra fa ny « rejet » dia tsy filam-baniny velively ary tsy midika koa hoe tsy haloa ilay fandanihana ; fa midika kosa hoe mila fanamboarana ilay antontan-taratasy. Rehefa vita ny fanamboarana rehetra notakiana dia afaka mirosy amin'ny fandoavam-bola amin'izany.

Raha sanatria moa miziriziry ny « ordonnateur » dia afaka mirosy amin'ny fanaovana ilay antsoina hoe « réquisition de paiement », izany hoe manery ny mpitam-bola handoa ny vola na tsy tomombana aza ny antontan-taratasy. Mandray ny andraikitra feno eo amin'ny toeran'ny mpitam-bola anefa izy amin'izany. Marihina koa fa tsy manan-kery ny « réquisition de paiement » raha ireto antony manaraka ireto no nanaovana « rejet »: tsy fisian'ny sora-bola natokana ho an'ilay fandanihana ; tsy fisian'ny fanamarinan'ny



Contrôle Financier ; tsy voamarina ny tena fahavitan'ilay asa natao ; tsy izay tokony tena handoavana vola no handoavana azy.

Mba hialàna amin'ny fanaovana « rejet », izay matetika mampiverimberina ny asa sy mampitarazoka ny fanefana ny vola, dia entanina ny tompon'andraikitra tsirairay amin'ny fitantanam-bolam-panjakana mba handray ny anjara tandrifany azy avy amin'ny fanarahana-dalàna amin'ny famoaham-bolam-panjakana ary hanamarinana tsara ny fahatomombanan'ny antontan-taratasy alohan'ny hanaterana azy ety anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana. Vonona mandrakariva ny Tahirim-bolam-panjakana hanome ny torolalana rehetra ilaina.

Eto am-pamaranana dia ampahatsiahivina mandrakariva ny filamatry ny Tahirim-bolam-panjakana dia ny hoe « Vola tsara kajy, mahatsara fihavanana ». Ilàna ny fiaraha-miantan'ny daholo be anefa ny fanatanterahana izany, mba ho fampandrosoana ity Firenena mamintsika ity.

▲ Herivelo ANDRIAMANGA

Payeur Général d'Antananarivo

## SOMMAIRE

Ny Trésor sy ny tantarany P.2

Fivoriamben'ny A.P.P.F.M.

Tontosa ny 11 sy 12 Jolay 2011 teto Antananarivo P.2

Problèmes de la JIRAMA : au-delà de simples difficultés de trésorerie P.3

PRMP-n'ny Trésor : efa nivoaka ny hopitaly P.6

Lozam-pifamoivoizana teny Mahitsy

Iray tamin'ireo telo namoy ny ainy ny zanaky ny Garde caisse ao amin'ny PP Isotry P.6

PP Sainte Marie

Miendrika vaovao ny fanavaozana vita P.9

VAHININTSIKA : Monique ANDREAS

ESOAVELOMANDROSO Médiateur de la République P.10

Noho ny krizy

Vinavinaina ho 1.500 Miliara Ariary ny vola tsy tafiditra P.12

Recrutement des Comptables du Trésor et des Percepteurs Principaux des Finances

Le respect du principe de l'anonymat P.12

Ra-Maurice : nahavita be tao amin'ny TG Fort-Dauphin nefa tsy nandray karama nandritra ny 21 taona P.14

TG TOLAGNARO : Tsy maintsy hamafisina ny fiarovana ny volam-bahoaka P.15

TG AMBOVOMBE

Notsidihan'ny iraky ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana P.16

INVITE DE L'ECONOMIE

Béatrice CHAN CHING YIU

Vice Présidente du GEFP P.11

TG MAHAJANGA : Tratra ny fanamby, na dia teo aza ny krizy Pejy 7-8



Faites connaissance avec la PGA

Pages 4-6



## TSIAHY

## Ny Trésor malagasy sy ny tantarany

Nampahafantarina antsika tamin'ny Tahiry laharana farany ny mikasika ireo andiana mpianatra ho Inspecteurs du Trésor nandranto fianarana tany Frantsa. Hotaterina amin'ity fizarana faha-11 ity ny fiainan'izy ireo sy ny fianarany tany ampitan-dranomasina.

Marihina fa efa nisy andiany hafa nandeha nianatra tany Frantsa taloha saingy ity andiany ity no noraisina satria ireo nandrafitra azy dia mbola mifanerasera amintsika hatramin'izao.

Tamin'ny 11 oktôbra 1964 izy ireo no nigadona tany Paris. Niatrika ny fianarana asa avy hatrany, na ny antsoina hoe « pré-stage » izy ireo raha vao tonga. Telo volana no naharetan'izany fianarana asa izany, izay vita tamin'ny volana desambra 1964. Nanomboka tamin'ny volana janoary 1965 kosa izy ireo dia nanaraka fiofanana izay nandalinana manokana ny asan'ny Trésor.

Araka ny efa voalaza dia 9 mianadahy ireo Malagasy tafiditra tao anatin'ny andiany Albert SCHWEITZER. 57 kosa no isan'ireo mpianatra rehetra tao amin'io andiany io. Avy amin'ireo firenena zanatany Frantsay aty Afrika sy any



Fihaonamben'ireo Inspecteurs du Trésor tamin'ny 1968

Azia izy ireo. Tsy maintsy nandray ireo mpianatra avy aty amin'ny firenena zanataniny ny mpitondra Frantsay satria izy ireo no nandray an-tanana ny fitantanana ny Trésor tany amin'ny firenen'izy ireo tsirairay avy taorian'ny nahazoana ny fahaleovantena. Niantohan'ny fanjakana Frantsay manontolo ny fianaran'ireo mpianatra ireo sy ny lany rehetra tamin'ny fivahinianany tany Frantsa.

Mikasika ny taranja nianaran'izy ireo kosa indray dia nisongadina sy niavaka manokana ny fianarana momba ny fikajiana sy ny fitantanam-bolam-panjakana, ny

toekarena ary ny lalàna sy ny sisa. Sarotra tokoa ny fianarana satria tsy maintsy nahatratra ny salan'isa 12 amin'ny 20 ny mpianatra vao afaka tamin'ny fanadinana.



Rtoa Vololona RALALARISOA no mendrika indrindra tamin'ny andiany Albert SCHWEITZER

## Fizarana 11

Rehefa natao àry ny fanadinana dia Malagasy no nahazo ny laharana roa voalohany tamin'ity andiany Albert SCHWEITZER ity. Voalohany tamin'izany Rtoa Vololona RALALARISOA. Laharana faharoa kosa Atoa Manohisoa RAJAONARIVELO.

Taorian'ny fianarana tao amin'ny « Ecole Nationale des Services du Trésor » ireo mpianatra ireo dia nanohy ny fianarana asa tamin'ireo Perceptions tany Frantsa. Ho hitantsika amin'ny laharana manaraka kosa ny mikasika ny asa niandry azy ireo tamin'ny fiverenany teto an-tanindrazana.

▲ Nangonin'i Rivolala RANDRIANARIFIDY

Tahirin-tsary: Mariette ANDRIAMBELO



Atoa Manohisoa RAJAONARIVELO. no faharoa tamin'ny andiany Albert SCHWEITZER

## ACTUALITÉS

## Fivoriamben'ny A.P.P.F.M. : Tontosa ny 11 sy 12 Jolay 2011 teto Antananarivo

Nontanterahina teto Antananarivo ny 11 sy ny 12 Jolay lasa teo ny fivoriambe ara-potoana fanaon'ny « Association des Percepteurs Principaux des Finances Malagasy » na A.P.P.F.M. Tonga niatrika izany ny an-tsasamanilan'ny mpikambana manerana ny Nosy. Natokan'ireo mpivory hifanakalozan-kevitra momba ny asa sy ny olana sedrainy eo amin'ny fanatanterahana ny asany ary koa izay heveriny ho vahaolana amin'izany ny andro voalohany. Anisan'ireo nivoitra tao ohatra ny tokony hanatevenana hatrany ny eo ny lafiny serasera mba hahazoan'ireo PP vaovao ara-potoana.



Ampahany tamin'ireo Percepteurs Principaux nanatrika ny fiofanana

Teo ihany koa ny hetaheta mahakasika ny tokony hamindrana toerana ireo PP nahavita be ny asany tany amin'ny faritra saro-dalana. Voaresaka tao ny tokony hanate-

venana ny isan'ny mpiasa sy ny fanamafisana ny fitandroana ny filaminana eny amin'ireo PP indrindra ireo any amin'ny faritra mena sns. Ny andro faharoa kosa no nano-

mezan'ny ekipan'ny DCP fampiofanana momba ny « comptes de gestions ». Tanjona ny hanamafisana ny traikefa mba hifehezan'ireo PPF rehetra manerana ny Nosy ny fomba fitantanana ny kaontin'ny Kaominina.

Natolotra ny Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakanana izay tonga namarana io fivoriambe io ireo fehin-kevitra noraisina tamin'izany. Marihina fa efa ezaka hataon'ny Tahirim-bolam-panjakana avokoa ny ankamaroan'ireo any nampanantena ny Tale Jeneraly fa hotohizana hatrany izany ezaka izany.

▲ Yves RAKOTO

## CHRONIQUE

## Problèmes de la JIRAMA : au-delà de simples difficultés de trésorerie



Les médias et le milieu des affaires ont beaucoup parlé de la JIRAMA depuis quelques temps. Cette société d'Etat a invoqué des difficultés chroniques de trésorerie. Parmi les motifs qu'elle évoque, les arriérés de l'Administration (*Etat, Universités et autres Collectivités Décentralisées*), pour un montant de 72,7 milliards MGA au titre des années 2009, 2010 et 2011 figurent au devant de la scène. Mais, des remarques sont émises sur ce point. Ces arriérés soulevés n'auraient jamais dû exister si toutes les entités concernées avaient opté pour l'utilisation des compteurs prépayés, et si la JIRAMA avait fait les investissements requis dans ce sens. En effet, certaines Administrations ne maîtrisent pas leur consommation, tandis que d'autres, par laxisme, ne se soucient pas de leur consommation en eau et électricité. Par ailleurs, le montant annoncé émane encore de la société elle-même et mérite de faire l'objet de recoupement avec l'Administration, mais d'ores et déjà, il est important de souligner que de ce montant, il y a une part considérable des Universités où la gabegie règne en matière de consommation en eau et électricité.

**LA JIRAMA, ÉTERNELLE ASSISTÉE ?**

La JIRAMA est une société d'Etat qui est loin d'incarner la fierté nationale. La nature stratégique de son activité a pourtant incité l'Etat à mettre plusieurs fois la main au portefeuille afin de soutenir son développement. En effet, la JIRAMA a, à plusieurs reprises, bénéficié de soutiens budgétaires annuels considérables de la part de l'Etat. Ces subventions ont pesé lourdement sur les finances publiques, et en particulier sur le Trésor Public, puisqu'en 2006, une somme de 25 Milliards MGA a été versée à la compagnie, en 2007, 43,5 Milliards MGA et en 2008, 54 Milliards MGA. En marge de ces subventions, des opérations de prise de participation financière de l'Etat dans le capital social de la JIRAMA ont également été effectuées. En outre, entre les années 2006 et 2008, un montant total de 146,931 Milliards MGA a été octroyé, par consolidation des services de la dette rétrocédée, et 52 Milliards MGA par apport en numéraire. Par ailleurs, dans le cadre d'un prêt contracté avec ABP Suisse pour un montant de 3,7 Millions

de francs suisses en 1990, la JIRAMA a joui d'une consolidation en capital d'une partie de la dette pour un montant de 1 269 161 264 MGA, représentant le service de la dette pour les années allant de 2005 à 2009. A ce titre, elle sollicite, à ce jour, le non paiement des intérêts moratoires d'une valeur de 52 366 434,12 MGA en rapport à cette opération.

Paradoxalement, les soutiens financiers de l'Etat n'ont pas agi en faveur d'une réduction des tarifs pour le consommateur. Au contraire, pour la période concernée, des augmentations tarifaires importantes ont également été constatées, puisque rien que pour l'année 2005, deux augmentations majeures ont été appliquées (*en juillet +30%; en novembre, +35% pour l'électricité et +15% pour l'eau*). En 2006, +10% pour l'électricité et +20% pour l'eau et en 2007, +15%. En 2011, Madagascar figure parmi les pays d'Afrique où le coût de l'énergie est le plus élevé. A Madagascar, la charge en rapport à l'approvisionnement en électricité détériore le pouvoir d'achat des consommateurs et alourdit les charges des entreprises. Malheureusement, les tarifs élevés appliqués ne sont même pas ressentis à travers une qualité de service convenable, étant donné les coupures intempestives, délestages et autres variations de tensions électriques vécus au quotidien par la population.

Aujourd'hui, non seulement les tarifs pratiqués par la compagnie sont élevés, mais elle procède également à une grève de paiement. A titre d'exemple, la société refuse de régler aux compagnies pétrolières les Redevances pour l'Entretien Routier (*RER*) ainsi que la TVA. Ce refus serait la conséquence d'un non remboursement par le Fonds d'Entretien Routier (*FER*) des redevances versées par la société au titre des années 2008 à 2010 pour un montant total de 10 487 622 600 MGA. Or, des mesures d'allongement de délais de paiements de fournisseurs (*3 mois au lieu de 1 mois*) ont été prises afin de pallier les difficultés de trésorerie que vit l'entreprise ces derniers temps. Il est inutile de mentionner que de tels agissements ont des répercussions à la fois sur les ressources du FER, sur l'équilibre des compagnies pétrolières, et par effet induit, sur l'équilibre de la trésorerie de l'Etat ; de plus, cela constitue de mauvais exemples pour les autres sociétés.

Selon la JIRAMA, les problèmes qu'elle endure tirent leur source d'une hausse considérable des charges d'exploitation, dont le coût du combustible représente 60 à 75%. Le Trésor Public s'interroge sur la pérennité d'une telle exploitation, et sur la composition réelle de ce poste de charges. La JIRAMA est-elle à même d'évaluer exactement la valeur des avan-

tages accordés au personnel, lorsque des rumeurs persistantes font état d'exploitation abusive de ces droits, par des membres de la famille, des voisins ou autres personnes qui ne devraient pas en bénéficier ? Il est important de savoir que pour le Trésor Public, normalement représentant es-qualité de l'Etat actionnaire, la gestion de la JIRAMA a toujours été aussi transparente que du verre de cathédrale. Les rapports du Commissaire aux Comptes ne lui parviennent jamais, et lorsque le Trésor Public les a exigés dernièrement, ces derniers ont fait l'objet de la part du commissaire aux comptes de certifications sous un nombre considérable de réserves. L'explication du phénomène est simple : la JIRAMA fait l'objet de statuts particuliers, statuts établis par l'Ordonnance N°75-024 du 17 Octobre 1975. Bien qu'étant une société d'Etat régie par le droit des sociétés anonymes, les statuts de la JIRAMA ne reconnaissent comme organes que le Conseil d'Administration, la Direction Générale, le Contrôleur Général ainsi que les Commissaires aux Comptes. Le Contrôleur général que personne ne connaît serait le représentant de l'actionnaire. Il serait désigné par le Chef de Gouvernement, et bénéficierait de pouvoirs étendus de contrôle. Par ailleurs, les membres du Conseil d'Administration, normalement nommés par l'Assemblée Générale des Actionnaires dans le cas d'une société anonyme normale, sont ici désignés nommément par Décret pris en Conseil des Ministres. Les statuts de la société sont, par conséquent, caducs et non conformes au droit des sociétés, engendrant des problèmes de contrôles importants. La confusion des pouvoirs du Conseil d'Administration (*organe de décision, de gestion, de mise en œuvre et de contrôle*) est contraire à la bonne gouvernance. Le manque de transparence dans la gouvernance de la JIRAMA ainsi que les déséquilibres financiers sont, d'ailleurs, soulevés dans le rapport de la Banque Mondiale, publié en décembre 2007, concernant le processus de redressement de la JIRAMA.

**ARRIÉRÉS ADMINISTRATIFS**

La question des arriérés de l'Administration vis-à-vis la JIRAMA constitue un problème annuel récurrent pour l'entreprise. Le Trésor Public a pris l'initiative d'analyser la situation, d'attirer l'attention des Autorités supérieures et de la compagnie elle-même, afin de cerner ensemble le problème. En effet, renflouer la trésorerie déficitaire de la société ne ferait que régler temporairement la question à la surface, sans en attaquer les fondements réels. Les solutions de trésorerie ne devraient être que des mesures d'accompagnement. En conséquence, afin de surmonter le problème, le Trésor Public réitère

les propositions qu'il a émises depuis les mois de juillet 2011 à l'endroit de toutes les parties prenantes, en l'occurrence : (i) le besoin de procéder à un rapprochement entre la JIRAMA et l'Administration concernant les factures impayées, (ii) celui d'un rapprochement entre la JIRAMA et la Direction Générale des Impôts pour les TVA non versées, (iii) la mise en œuvre d'un protocole d'accord de croisement de dettes, et enfin (iv) un apurement de la différence après croisement par inscription dans le budget 2012. D'ici là, la suspension de paiement du service de la dette au profit de la JIRAMA, vis-à-vis de l'Etat, sera d'abord procédée. Toutefois, le Trésor Public requiert la mise en œuvre de ces solutions sous différentes conditions : (i) l'évaluation de l'investissement pour l'installation de compteurs prépayés pour toute Administration sans exception, et obligation stricte d'utilisation par l'Administration en 2012 de ces compteurs afin de mettre définitivement fin à l'existence chronique d'arriérés. Effectivement, il est constaté que les problèmes d'arriérés ne se présentent pas pour les branches de l'Administration utilisant déjà des compteurs prépayés. Evidemment, l'investissement estimé dans ce sens sera pris en charge partiellement ou totalement par l'Etat dans le budget 2012 (il vaudrait mieux octroyer une subvention d'équipement pour juguler une bonne fois pour toutes ce paiement au lieu de payer chaque année des arriérés énormes) ; et (ii) la mise en conformité de la gestion de la JIRAMA aux dispositions des textes sur les sociétés (Loi N°2003-036 du 30 janvier 2004) afin, d'une part, de mettre fin aux problèmes de gouvernance de la société à travers une séparation stricte de trois organes (*Assemblée Générale de l'Actionnaire et Commissaire aux Comptes : organes de contrôle ; le Conseil d'Administration : organe délibérant et enfin la Direction Générale : organe de gestion*), et d'autre part, d'y procéder un audit des charges d'exploitation et de fonctionnement, afin de tirer au clair, une bonne fois pour toutes, les rubriques « charges » à optimiser.

L'adoption de ces mesures de base est primordiale avant toute éventuelle décision de renflouement de la trésorerie ou d'octroi d'autres avantages fiscaux immédiats.

Le Trésor Public espère que la mise en pratique effective des solutions proposées entrainera la résolution définitive du problème et engagera définitivement la JIRAMA sur le chemin de la rentabilité et de la croissance. Dans le cas contraire, la libéralisation du secteur de la production de l'eau et de l'électricité, ou encore la privatisation de la société devraient être sérieusement envisagées.

## GÉNÉRALITÉS

## Faites connaissance avec la Paierie Générale d'Antananarivo (PGA)

## HISTORIQUE



La PGA en 1955

Lors de la création du Trésor Malagasy en 1963, un grand poste comptable dénommé Trésorerie Principale d'Antananarivo a été implanté à Antananarivo et. Suite à l'accroissement des rôles dévolus à ce poste comptable, il fallait l'éclater. La scission de la Trésorerie Principale d'Antananarivo en Recette Générale d'Antananarivo et Paierie Générale d'Antananarivo fut effective en 1983. La PGA a été créée suivant l'Arrêté N° 3616 /82 du 02/08/82.

naires retraités ; (iii) le contrôle et le paiement des dépenses du Budget Annexe : l'Imprimerie Nationale, (iv) le contrôle et le paiement des dépenses de certains comptes particuliers du Trésor dont notamment neuf comptes de commerce encore opérationnels et deux caisses de retraites CRCM et CPR, (vi) le suivi des opérations de recettes de ces comptes particuliers du Trésor, (vii) le contrôle et la prise en charge des dépenses et des recettes des trois Etablissements publics administratifs (EPA) : l'Académie Malagasy, l'Office National des Anciens Combattants et la Fédération des Chambres de Commerce, (viii) le suivi des opérations de sept Perceptions Principales qui lui sont rattachées

**CELLULE D'INSPECTION ET PERCEPTIONS PRINCIPALES RATTACHEES**

Composée de trois membres dont un inspecteur du Trésor, Chef de la Cellule d'Inspection, et deux Percepteurs (un Percepteur des Finances



L'équipe de la division Solde et Pensions

sept et sont situées au niveau des Districts de la Région d'Analamanga : Avaradrano, Atsimondrano, Ambohidratrimo, Anjozorobe, Ankazobe, Andramasina et Manjakandriana. Ces Perceptions Principales assurent le paiement des dépenses publiques (Budget Général, Districts et Communes) dans leurs localités respectives, entre autres, les pensions, la solde des fonctionnaires, les avances de solde, les Avis de Délégation de Crédit, et éventuellement les Frais de Justice Criminelle, puis transfèrent ces dépenses à la P.G.A. En outre, elles encaissent diverses recettes aux profits du Budget Général et de la Région.

**OBJECTIFS ET PERSPECTIVES**

Initiées par la Direction Générale du Trésor, la réorganisation du paiement des pensions et la réouverture de la PGA annexe à Isoraka ont été réalisées avec succès courant du second trimestre de cette année. Au cours du dernier trimestre 2011, une autre annexe de la PGA sera installée dans l'enceinte du Ministère de l'Education Nationale Anosy. Cette perspective entre dans le cadre de la mise en place des « Trésoreries Ministérielles en 2012 ».

Encore à court terme, est envisagée la création d'un guichet d'accueil afin de renseigner et d'orienter les usagers. Telle mesure contribuera sûrement à une amélioration de la qualité du service rendu en évitant un va-et-vient de ces derniers et en permettant aux agents vérificateurs d'avoir plus de sérénité dans l'accomplissement de leur travail. Qui plus est, cette disposition participera déjà

à la lutte contre la corruption, une politique de mise tant au niveau du Trésor public qu'au niveau national. Enfin, le respect des délais réglementaires impartis pour le visa des mandats d'une part et pour l'envoi des états financiers et la reddition des comptes d'autre part figurent toujours parmi les objectifs de la PGA, ce malgré les difficultés rencontrées. En effet, force est de constater que la PGA souffre énormément en terme d'effectif du personnel, eu égard à l'accroissement du volume des opérations traitées. Aucun remplacement numérique n'est fait pour les départs à la retraite ou en d'autres lieux d'affectation.

La PGA tient un rôle important dans l'exécution budgétaire de l'Etat. De par ses activités, notamment du contrôle sur pièce rigoureux et pointilleux, elle participe directement non seulement à la politique de bonne gouvernance mais également à l'économie des ménages voire à l'économie nationale, grâce au paiement des pensions, de la solde du Personnel de l'Etat et des créanciers de l'Administration.

▲ Eva ANDRIANASOLO  
Tantely RAKOTOARIMANANA



Une partie de l'équipe du Transfert

**MISSIONS ET ATTRIBUTIONS**

La Paierie Générale est actuellement un poste comptable de première catégorie au sein du vaste réseau comptable du Trésor. Elle participe en fin de parcours à l'exécution budgétaire des recettes et des dépenses de l'Etat d'une part et de trois établissements publics dont elle est le comptable assignataire.

A ce titre, elle assure (i) l'exécution des dépenses d'investissement et de fonctionnement des divers institutions et ministères, environ 90% des dépenses du budget général de l'Etat; (ii) l'exécution des dépenses de solde des agents de l'Etat et des pensions des fonction-

naires et un Percepteur Principal des Finances), la Cellule d'Inspection assure les missions de vérification des Perceptions Principales rattachées à la P.G.A. A cet effet, elle effectue deux vérifications par Perception Principale tout au long de l'année. En outre, elle apporte son savoir-faire et ses expériences au niveau des postes vérifiés pour améliorer leurs performances. Par ailleurs, elle a pour objectif d'améliorer la qualité des services rendus par les Chefs de poste aux usagers publics et autorités locales par le biais d'entretiens auprès de ces derniers.

Les Perceptions Principales rattachées à la P.G.A. sont au nombre de

**PERSONNEL DE LA PGA**

10	Inspecteurs du Trésor,
67	Agents vérificateurs
1	Secrétaire
4	Coursiers
1	Garde caisse
2	Voituriers

**CONTACT PGA**


Paierie Générale d'Antananarivo  
Antaninarenina,  
Tél : 22 214 02 / 22 253 11  
22 646 11 / 22 219 21

GÉNÉRALITÉS

Le saviez-vous ?



ORGANIGRAMME



LES AVANCES DE SOLDE

Pièces à envoyer sous bordereau d'envoi à la PGA Annexe à Isoraka :

- Ordre de paiement (avec décompte exact)
- Bon de caisse
- Demande de l'intéressé(e) à adresser au Chef de poste
- Certificat Administratif signé par le responsable financier du Ministère employeur et visé par le service de la solde du Ministère des Finances et du Budget (*Bien mentionner : l'identité exacte de l'intéressé(e), matricule, grade et indice, catégorie, chapitre budgétaire, localité de service*)
- Arrêté de nomination ou contrat de travail (*originale ou photocopie certifiée conforme par le Responsable Financier du Ministère employeur*)
- Attestation de Prise de service
- Eventuellement, attestation d'avance de la localité d'origine
- délivrance du bon de caisse uniquement à l'intéressé sur présentation de CIN
- Visa des attestations de (non) perception d'avance

**NB :** dépôt des demandes d'avance par un délégué du Ministère

Pièces à envoyer sous bordereau d'envoi à la PGA Annexe à Isoraka :

- Attestation mentionnant OBLIGATOIREMENT :
- l'identité exacte de l'agent, matricule, grade et indice, catégorie, localité de service
  - le nombre d'avance(s) perçue(s) avec montant(s) et date(s)
  - la date exacte de la période de non solde (début et fin, jour, mois et année)
  - Le premier bulletin de solde à titre de pièce justificative

PIECES A FOURNIR POUR PAIEMENTS EN FAVEUR


Des Héritiers

- Acte de décès
- Acte de notoriété
- Ordonnance de tutelle des enfants mineurs (*moins de 21 ans*)
- Eventuellement ordonnance ou procuration notariée d(es) héritier(s) défunt(s)
- Eventuellement acte(s) de notoriété du ou des héritier(s) défunt(s)

De(s) mandataire(s)

- Certificat de vie du titulaire émanant du Fokontany fait (et signé) en présence de deux (02) témoins,
- Ordonnance ou procuration notariée

CIRCUIT DES DEPENSES A LA P.G.A.



## GÉNÉRALITÉS

## Le saviez-vous ? (suite)

## POINTS DE CONTRÔLE DE RÉGULARITÉ DES DÉPENSES

- La dépense doit suivre le circuit : guichet unique-visa-délivrance du titre au délégué du ministère concerné-paiement (aux caisses ou par virement) sinon rejet après visa en cas d'anomalie(s),
- le mandat doit être signé par l'ordonnateur accrédité,
- les pièces justificatives doivent être produites exhaustivement pour chaque type de dépense,
- les certifications des services faits doivent être apposées sur toutes factures,
- l'exactitude des calculs de liquidation,
- le visa au préalable du contrôle financier, sauf quand ce visa n'est pas requis,
- La durée de validité(en vue du paiement) d'un titre est de 4 ans,
- existence et disponibilité de crédits,
- disponibilité de fonds ou valeurs le cas échéant,
- imputation de la dépense au chapitre concerné,
- existence de la mention « Bon à payer » sur le titre,
- titre lisible et acquitté par la bonne personne (titulaire ou mandataire),
- Pour être payé, le bénéficiaire (le titulaire ou le mandataire) doit présenter aux guichets de la caisse une pièce d'identité récente (Carte d'identité nationale ou passeport)



Une partie de l'équipe du VISA



L'équipe de la PGA Annexe Isoraka

PRMP-n'ny Trésor  
Efa nivoaka ny hopitaly

Mihatsara ny toepahasalaman'Atoa Odin Jaofraaisana RANDRIAMANGAMALALA, PRMP eto amin'ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana.

Tsiahivina fa niharan-doza tany Ambohimahasoa ny fiaranitondra azy taorian'ny fitokanana ny biraon'ny Perception Principale tany Ikalamavony tamin'ny 09

Jolay lasa teo. Naratra mafy tokoa izy tamin'izany ka tsy maintsy notsaboina sy narahi-maso akaiky teny amin'ny Hôpitaly Soavinandriana nandritra ny herinandro vitsivitsy. Ankehitriny kosa izy dia tafavoaka ny toeram-pitsaboana ka efa nody soa aman-tsara eny anivon'ny fianakaviany. Mamerina ny fisaorana sy fankasitrahana

ireo rehetra izay nandray anjara tamin'ny famonjena, ny fikarakarana sy ny fitsaboana ary nitondra am-bavaka ny fianakaviany manontolo sy ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana.

Marihina fa ny 10 Aogositra teo izy no nandeha nisotro ronono.

▲ Rivolala RANDRIANARIFIDY



Odin RANDRIAMANGAMALALA

Lozam-pifamoivoizana teny Mahitsy  
Iray tamin'ireo telo namoy ny ainy ny zanaky ny Garde caisse ao amin'ny PP Isotry

Mpandeha taxi-brousse miisa telo no namoy ny ainy vokatry ny lozam-pifamoivoizana nitranga teny Mahitsy ny 26 Jolay lasa teo. Anisan'izany i Fandresena Rakotoarisoa, zazavavikely 12 taona, zana-dRakotoarisoa Mahery Samoelina, Garde caisse ao amin'ny Perception Principale Isotry. Maty niaraka taminy koa

ny zazalahikely 6 taona sy ny mpamily ilay Taxi-brousse.

Tany amin'ny valo ora alina tany ho any no nitrangan'ny loza. Nandeha mafy loatra ity fiara ity ka nifatratra tany amin'ireny « beton be » natao aro lalana amin'ny fiolanana ireny. Nisy mpandeha maromaro hafa naratra mafy, tao ny tapatongotra, tao ny voadona tany

amin'ny lohany.

Araka ny fanambaran'Atoa Garde caisse dia maro tamin'ny fianakaviany no nandeha tamin'ity taxi\_brousse ity izay saika hamonjy mariazy any Ambato Boeni.

Nanoloana ity fahoriana nanjo azy sy ny fianakaviany dia nisaotra sy nankasitraka

ny mpiara-miasa rehetra ato amin'ny Tahirim-bolam-panjakana, tonga nidodododo sy nampahery azy Atoa Garde caisse. Nahafaly sy nampahery ahy izany fihetsika nentanim-pitiavana izany na dia ory aza aho, hoy ny tenany

▲ Yves RAKOTO

ACTUALITÉS

# TG Mahajanga Tratra ny fanamby, na dia teo aza ny krizy

Fotodrafitrasa reharehan'ny Tahirim-bolam-panjakana, reharehan'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola ary reharehan'ny firenena manontolo ny Trésorerie Générale Mahajanga. Notanterahina tamin'ny Zoma 05 Aogositra lasa teo ny lanonana fitokanana azy, izay notarihin'Atoa Andry Nirina Rajoelina, Filohan'ny Fahefana Avon'ny Tetezamita, notronin'ireo mpikambana maro ao amin'ny governemanta sy olo-manan-kaja maro ary ny fianakaviam-ben'ny Tahirim-bolam-panjakana.

Tao anatin'ny fotoana sarotra lalovan'ny firenena no nahavitana io fotodrafitrasa goavana io ary volan'ny fanjakana Malagasy manontolo fa tsy misy vola avy any ivelany no nampiasaina. Mihoatra ny 1200 tapitrisa Ariary ny tetibidiny. Io no trano lehibe voalohany an'ny TG naorina tao anatin'ny 47 taona nisian'ny Tahirim-bolam-panjakana Malagasy. Fotodrafitrasa lehibe misy fiantraikany mivantana eo amin'ny fiainam-bahoaka izy ity, satria fianakaviana miisa iray alina no hahazo tombontsoa mivantana, raha tsy hiresaka afa-tsy ny mpandray karama sy fisotroandronono ary ireo orinasa manana raharaha atao amin'ny fanjakana. Arifomba sy manaraka ny fenitra iraisam-pirenena eo amin'ny fiarovana sy fitahirizana ny volam-bahoaka, manaraka ny teknolojia ny fitaovana hita ao anatin'ny.

**FITANTANANA MAHOMBY**

Azo nitarafana ny fomba nitananana sy nikirakirana ny volam-bahoaka ity fotodrafitrasa ity, hoy Atoa Orlando ROBIMANANA, Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana nandritra ny lahateniny. Notsiahiviny fa nihena ny vola niditra rehefa nitsahatra ny famatsiam-bola tamin'ny volana desambra 2008. Betsaka ny vola tokony

hiditra kanefa tsy tafiditra, lasa fanamby ho an'ny Tahirim-bolam-panjakana ny fifandanjan'ny « trésorerie » isan'andro satria rehefa tsy ampy izany dia anjaran'ny Tahirim-bolam-panjakana no mikaroka. Amin'izao fotoana izao dia tsy mahamenatra ny milaza fa tsy mitsoka ady ary tsy hiamboho adidy ny Tahirim-bolam-panjakana ka mendrika fankasitrahana noho izany ny fahaiza-manao sy ny fomba fiasa matihanina nasehon'ny mpiasa tsy an-kanavaka miisa 1500 manerana ny Nosy ato amin'ny Tahirim-bolam-panjakana. Na teo aza anefa izany dia sarotra ny nanatanteraka ny asa raha tsy nisy ny fanohanana



Ity ilay trano taloha natahorana hianjera

Sambany teo amin'ny tantara no nisy Filoham-panjakana nifankalo hevitra mivantana isan'andro



Ity kosa ilay trano vaovao manara-penitra


manokana avy tamin'ny Filohan'ny Fahefana Avon'ny Tetezamita.

amin'ny fanaraha-maso ny « trésorerie » miaraka amin'ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola sy ny Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana. Sady tsy rendrika isika no mbola mahavita manangana fotodrafitrasa goavana. Misy ohatra ny fepetra telo nanamaina sy nanampy ny Tahirim-bolam-panjakana toy ny « recadrage budgétaire » na ny fanafoanana ny fandaniam-bola tsy nisy fiantraikany mivantana tany amin'ny fiainam-bahoaka. Teo ihany koa ny fanamafisana ny fandrindrana ny fampiasam-bola mba tsy hiparitaka fa ho azo tsapain-tanana sy

ho hita mivaingana ary misy fiantraikany eo amin'ny toekarena sy ny fiainam-bahoaka ny vokatry. Nampitomboina ny fanaraha-maso ireo fandaniana lehibe izay mihoatra ny 200 tapitrisa ariary. Izany rehetra izany dia nanampy ny Tahirim-bolam-panjakana tamin'ny fifehezana ny fifandanjan'ny vola miditra sy mivoaka hatramin'izao. Ny fampiharana ny pôlitikan'ny fitsisiana sy ny fametrahana ny « régulation budgétaire » teo ambany fanaraha-mason'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola dia anisan'ireo nanamaivana ny fampifandanjana ny vola niditra sy nivoaka izay dinihina isan-telo volana. Anisan'ny nahafahan'ny Tahirim-bolam-panjakana nifehy ireo « instruments de financements » rehetra izany. Tsy misy ny fahagagana fa ny fitantanana mahomby sy mangarahara no nahafahana nifehy izany rehetra izany.

**TSY MAINTSY AROVANA NY MPIASA MIKAJY NY VOLAM-BAHOAKA**

Mafy ny asa ary betsaka ireo olana nosedraina nefa dia niroso hatrany ny mpiasa eto amin'ny Tahirim-bolam-panjakana. Nisarika ny sain'ny tompon'andraikitra isan-tsokajiny koa Atoa Tale Jeneralaly mba hijery ny olana tokana fa goavana se-



Arifomba ny fitaovana ampiasaina

## ACTUALITÉS

## TG Mahajanga

## Tratra ny fanamby, na dia teo aza ny krizy (tohiny)

draina manerana ny Nosy dia ny tsy fahatomombanan'ny fiarovana ny mpiasa eo amin'ny fanatantehana ny asa, satria volam-bahoaka no tahirizina sy kirakiraina. Notsiahiviny tamin'izany ny tranga maromaro toy ny namonoan'ny olon-dratsy tamin'ny fomba feno habibiana ny mpisolotoerana ny PP tany Tsivory sy ny vadiny bevo-hoka, teo imason'ny zanany volana vitsivitsy lasa izay; ny nanafihana ny PP Ambato Boeny nandritra ny ora fiasany ka naharatra mafy ny PP, taona vitsivitsy lasa izay; ny nanafihana ary nahafatesan'ny Trésorier Principal tao Fenoarivo Atsina-

draharaham-panjakana mba hanakaiky sy hanatona ny vahoaka hatrany. Porofon'ny mivaingana izao fahavitan'ny Trésorerie Générale Mahajanga izao, hoy Atoa Hery RAJAONARIMAMPIANINA, Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola, izay miahiv mivantana ny Tahirim-bolam-panjakana. Aparitaka manerana ny faritra rehetra ny sampan-draharaha misahana ny karama sy ny fisotroan-dronono, hoy ihany izy. Betsaka ny asa efa notanterahina, natao indrindra mba hanafaingana ny fihodin'ny raharaham-panjakana sy



Ny mpiasa nandray ireo manam-pahefana

nana, izay avy naka vola tany Toamasina, taona vitsivitsy lasa izay. Eo amin'ny lafiny ara-pitaovana indray kosa dia tsy misy manana fiara ireo Perceptions Principales 91 na dia iray aza. Taxi-brousse, moto, lakana na an-tongotra no itaterana ny vola any amin'ny faritra sasany. Volan'ny vahoaka anefa no arovana ka tsy adidin'ny Tahirim-bolam-panjakana samirery. Mitaky fiaraha-miasa amin'ny tompon'andraikitra rehetra any amin'ny faritra izany ary antenaina fa hisy ny vahaolana maharitra.

## MANAKAIKY KOKOA NY VAHOAKA

Toromarika avy amin'ny fitondram-panjakana ny fanatsarana ny fitantanana ny raharaham-panjakana sy ny volam-bahoaka, ny fanaparihana ny sampan-

hanomezana fahafaham-po ny mpanjifa. Zava-dehibe ny fanatsarana ny asam-panjakana, toy ny fitiliana amin'ny alalan'ny « scanner » ny entana mandalo ao amin'ny fadintseranana, sy ny sisa. Nampahatsiahiviny ihany koa fa mbola mitohy ny fampiharana ny pôlitikan'ny fitsisiana amin'izao fotoana izao. Tsy manakana ny fametrahana fotodrafitrasa anefa izany. Tokony hitohy, hoy izy, ny fomba fitantanana ny volam-bahoaka araka ny tokony ho izy sy ny fanajana ny « orthodoxie financière ». Nanome toky Atoa Minisitry fa tsy maintsy hojerena haingana araka izay azo atao ny fampitaovana ho an'ny Tahirim-bolam-panjakana manerana ny Nosy mba hahafahana manatsara ny kalitaon'ny asa.



Ny fanapahana ny « ruban »

## TSARA TANTANA NY VOLAM-BAHOAKA

Atoa Andry Nirina RAJOELINA, Filohan'ny Fahefana Avon'ny Tetezamita kosa dia nampisongadina ny ezaka nataon'ny Tahirim-bolam-panjakana mikasika indrindra ny fitantanana ny volam-bahoaka nandritra izay roa taona sy tapany izay. Betsaka no nilaza tamin'ny taona 2009, hoy izy, fa tsy ho tafavoaka mihitsy ny fanjakana raha tsy misy ny fanampiana avy any ivelany. Napetraka ny fanamby tamin'izay ary iaraha-mahita hatramin'izao fa mbola voalao hatrany ny karama sy ny fisotroan-dronono. Tsy nampiditra trosa ivelany vaovao ny Tahirim-bolam-panjakana, voalao hatrany koa ny trosa izay nolovaintsika nandritra ny 50 taona raha betsaka ny firenendehibe sahirana amin'izany resaka trosa izany amin'izao fotoana izao, ary ny Amerikana aza dia saika tsy nahalao ny fisotroan-ronono any aminy raha tsy nisy fifanarahana

manokana tamin'ny Kongresy. Tsy nisy ny fanaovana « planche à billets » ary tsy nitady « financement parallèle » ny Tahirim-bolam-panjakana. Voatantana tsara araka ny tokony ho izy ny volan'ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana izao, hoy izy. Voalohany teto amin'ny tantaram-pirenena vao hita mivaingana ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany, raha tsy hiresaka afa-tsy ny vola azo tamin'ny fitrandrahana vy any Soalala, izay entina ananganana fotodrafitrasa manara-penitra toy ny hôpitaly. Mikasika ny Tahirim-bolam-panjakana manokana dia nanamafy ny Filoha fa hojerena maika ny lafiny fampitaovana. Nidera ny ezaka vitan'ny Tahirim-bolam-panjakana izy ary nilaza fa tokony horaisina ho ohatra ny fahaiza-mitantana nasehon'io rafitra iray io.

▲ Rivolala RANDRIANARIFIDY  
Jenny MAHAVINA  
Hasindranto RANDRIANANTOANINA



Ireo mpiasan'ny TG Mahajanga sy ireo delegasiona mafonja

ACTUALITÉS

PP Sainte Marie

Miendrika vaovao ny fanavaozana vita



Ireo Fianakavian'ny Tahirim-bolam-panjakana tany Sainte Marie manoloana ny trano nasiam-panavaozana

**V**oaloko iray manontolo ny atiny sy ivelan'ny trano, nohamafisina ny « grille de protection » ny varavarakely rehetra sy ny lavarangana manodidina ny trano, nohatsaraina ny « caisse », ny lavarangana, ny birao, ny toerana fidiovana ary ny lakozian-dRamatoa PP ao ambony rihana. Ireo no fanavaozana vita tao amin'ny Perception Principale Sainte Marie izay notokanan-dRtoa Sekretera Jeneralin'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola sy Atoa Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana tamin'ny fomba ofisialy ny Zoma 22 Jolay teo.

Teti-bolan'ny Tahirim-bolam-panjakana mitentina 55 tapitrisa Ariary no nenti-manana ny asa sy nividianana ireo karazana fitaovana arifomba maro, nahitana solosaina, « imprimante », « onduteur », « compteur de billets »...

**VOKATRY NY FITANTANANA MAHOMBY**

Faha sivy ambinifolon'ny fanavaozana vita tao anatin'ny roa taona ity tao Sainte Marie ity, hoy ny Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana nandritra ny lahateny nifandimbiasana. Ankoatra izany dia mbola misy



Ireo fitaovana vaovao

Perceptions Principales vaovao miisa telo efa voarina ary mbola hiampy telo hafa. Amin'ny fomba ahoana no nahavitana izany rehetra izany, hoy izy ? Tsy ny vola tantanin'ny Fanjakana Malagasy no nitombo fa ny mifanohitra amin'izany aza no misy vokatry ny fahatapahan'ny famatsiam-bola mahazatra. Tsy nitombo koa ny teti-bolan'ny Tahirim-bolam-panjakana saingy ny fomba fikajiana sy fitsinjara

Reine Betty no nisy azy teny ampiandohana. Nisy nandoro izany ny taona 1992 ka voatery nifindra tao amin'ity trano nasiam-panavaozana ny PP ity nanomboka teo. Miisa folo eo ho eo ny Percepteurs Principaux nifandimby niasa tao saingy Miara Randriamorason, PP ankehitriny irery ihany no vehivavy. Mpiasa miisa efatra no manampy azy, mikarakara ireo mpandray fisotroan-dronono miisa 164 sy ireo



Niarahana tamin'ny lehiben'ny Faritra Analanjirofo ny lanonana

rana mahomby ny vola nisy teo am-pelatanana no nahavitana izany, hoy Atoa Tale Jeneraly.

Nanamafy izany fanambarana Ramatoa Sekretera Jeneraly, nanome toky ny tenany fa hotohizana hatrany ny politikan'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola izay miezaka manatona hatrany ny Faritra sy ny vahoaka. Na tsy ampy aza ny vola dia tsy mikely soroka hatrany izahay manatona vahoaka indrindra indrindra ireo manan-draharaha ao amin'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola. « Ho vato mangelan-kafatra ho an'ny vahoaka iray manontolo anie ny mpitondra mandritra ny teteza-mita », hoy izy.

Marihina fa mifanila amin'ny biraon'ny « Centre Fiscal », ao amin'ny Ilôt Madame no misy ny PP Sainte Marie. Ny tranon'ny

mpiasam-panjakana an-jatony. Afa-po tamin'ny fanavaozana vita izay miendrika vaovao mi-hitsy Ramatoa PP. Irariany kosa ny mba hamefena tamboho ny manodidina ny tanin'ny Perception Principale ao Sainte Marie. Izany no hatao dia hanamafisana hatrany ny fiarovana ny volam-bahoaka.

▲ Yves RAKOTO



Ireo nanatrika ny lanonana

## VAHININTSIKA

# Monique ANDREAS ESOAVELOMANDROSO

## Médiateur de la République

Ramatoa Monique ANDREAS ESOAVELOMANDROSO, Médiateur de la République, indray no nanaiky ho vahinintsika amin'ity Tahiry laharana faha folo ity. Nosafidiana manokana izy amin'ny maha Inspecteur du Trésor sy amin'ny maha vehivavy efa nitana andraikitra ambony marobe azy. Horesahiny amintsika eto ny dingana nolalovany, ny manodidina ny Médiature ary ny hafany ho an'ny vehivavy mitana andraikitra ambony eto amin'ny Firenena.

**Gazety Tahiry : Inona avy ireo dingana nolalovanao ?**

**Monique ANDREAS ESOAVELOMANDROSO :** Vao nahavita fianarana teto an-tanindrazana aho dia nanaraka fiofanana momba ny Inspecteur du Trésor tany ivelany. Rehefa tafaverina indray dia tao amin'ny « Finances extérieures » na Finex tao amin'ny Ministère des Finances, de l'Economie et du Plan no nanomboka niasa. Mazana tokoa ny « contrôle de change » tamin'izany satria zava-baovao ho an'ny Tahirim-bolam-panjakana ny Finex. Na izany aza dia narahin'ny mpiasa an-tsakany sy an-davany tsara ny fomba famoaham-bola.

Rehefa izany dia voatendry ho talen'ny « Condition de la Femme et de l'Enfance », tao amin'ny Ministère ny mponina ny taona 1977, niandraikitra ny « Finances locales » tao amin'ny Ministère ny Teti-bola indray avy eo, efa Minisitry ny Fitsinjaram-pahafana ny taona 2002. Niasa tany amin'ny Nosy Maurice ary lasa Sekretera Jeneralin'ny COI (Commission de l'Océan Indien) ny taona 2004 hatramin'ny taona 2008. Nanomboka ny taona 2008 dia lasa Médiateur de la République ahy ary enina taona no faharetan'ny « mandat »-ko. Ankoatra izany dia mbola voatendry ho mpikambana tao amin'ny « Comité de Gestion »-n'ny orinasam-panjakana koa aho.

Tombontsoa lehibe ho ahy ny maha Inspecteur du Trésor satria nahafahako nitantana sy nifehy tsara ny asako indrindra teo amin'ny lafiny ara-bola. Anisan'ny nanampy ahy be dia be koa ny fanomezan-tanana sy ny torohevitra ny mpiara-miasa tato



Rtoa Monique ANDREAS ESOAVELOMANDROSO, Médiateur de la République

amin'ny Tahirim-bolam-panjakana.

**G.T. : Ny Médiature sy ny andraikitra sahaniny ?**

**M.A.E. :** Ny Médiature dia rafitra iray natsangana tamin'ny alalan'ny « Décret » ny taona 1992, miaro ny zon'olombelona ary tsy mitsabaka amin'ny resaka politika. Mpanelanelana eo amin'ny Fanjakana sy ny olon-tsotra mila raharaha aminy izy. Manampy sy manamora ny fiainan'ny olona tonga mametraka fitoriana na fitarainana ao aminy no antom-pijoroany. Mandray ny andraikiny avy hatrany izy raha vao maharay fitoriana. Anisan'ny fitoriana tonga eny aminy ny momba ny fandraisana fisotroan-dronono, ny fivoahan'ny didim-pitsarana, manodidina ny fampianarana, ny fahataran'ny avancement de grade, avancement d'échelon, CNAPS...

Afaka mandefa taratasy any amin'ny mpiasam-panjakana nahazoana fitoriana koa ny Médiature rehefa ahiany ho mitondra voka-dratsy ho an'ny fahasalamam-bahoaka ny toe-javatra iray (fahalotoan'ny tanàna diso tafahoatra). Rehefa tsy mbola mandray ny andraikiny io mpiasa io dia afaka mandefa taratasy any amin'ny Ministra avy hatrany izy. Nomarihan-dRamatoa Médiateur koa fa raha miteraka tsy fanajana ny zon'olombelona ny krizy dia afaka miditra an-tsehatra tsy mila fitoriana ny Médiature. Mba hiadiana amin'ny kolikoly dia miara-miasa amin'ny CSI, BIANCO, Chaîne pénale, Samifin izy.

**G.T. : Ny hafatrao ho an'ireo vehivavy mitana andraikitra ambony ?**

**M.A.E. :** Mba hanajan'ny hafa azy dia tokony hanaja tena eo amin'ny fomba fitafy sy fomba firesaka indrindra eo amin'ny fomba hanatanterahana ny asa izy ireny. Tena sarotiny kokoa mantsy ny lehibe na ny mpiaramiasa amin'ny asa ataony hany ka raha vao misy diso kely izany dia mahazo vava hoe « tsy mahagaga fa vehivavy no nanao ity ! » Ambonin'izany dia tokony hanaraka fiofanana araka izay tratra koa mandritra ny fahatanorana satria tena ilaina ary manampy be amin'ny fanatanterahana ny asa aty aoriana izany. Tsy ampy raha ny fianarana fotsiny no entina hiatrehana ny asa.

**G.T. : Tsy vato misakana teo aminao ve ny maha vehivavy anao ?**

**M.A.E. :** Tsy tokony hiteraka olana eo amin'ny asa ny maha vehivavy. Fony aho tale tao amin'ny Ministère ny mponina no nisy indro kely. Ny antony dia mbola vitsy ny tale vehivavy teto amintsika tamin'izany. Raha nanefa iraka tany amin'ny faritra aho indray mandeha dia nahilik'Ingahy Ministra ary tsy navelany hiray latabatra aminy raha tsy ny mpiara-miasa no nilaza taminy hoe : « tale anie io e ! ». Tsy tokony hiseho intsony izany ankehitriny satria efa betsaka ireo vehivavy mitana andraikitra ambony eto amin'ny Firenena.

▲ Nangonin'i Yves RAKOTO

### ADRESSE

La Médiature, 33 rue Docteur Villette Isoraka, BP 143

Tél : 22 225 76/24 666 42

Mail : mediatuuremadagascar@yahoo.com

## INVITÉ DE L'ECONOMIE

# Béatrice CHAN CHING YIU

## Vice Présidente du GEFP



Nous ne sommes pas sans savoir que les entreprises franches ont été les premières victimes de la crise actuelle. Dans ce numéro, nous avons invité un responsable du secteur, en la personne de Madame Béatrice CHANG CHING YIU, Vice-Présidente du Groupement des Entreprises Franches et Partenaires.

**Gazety Tahiry :** *Madame, pourriez-vous nous parler des impacts de la crise sur les zones franches ?*

**Béatrice CHAN CHING YIU :**

La crise politique et socio-économique que traverse le pays a affecté la confiance des clients envers les entreprises franches malagasy quant à leur capacité à respecter les délais de livraison compte tenu du contexte. Les activités ont donc subi une baisse avec des mises en chômage technique du personnel des entreprises franches dont certaines se sont transformées en licenciement, d'où l'accroissement du taux de chômage.

De plus, le quotidien des entreprises est très difficile car celles-ci doivent faire face continuellement à de nouvelles procédures et démarches administratives de plus en plus lourdes, alors qu'elles auraient dû tendre vers l'allègement. Et à cela, viennent s'ajouter divers dysfonctionnements de l'administration (grèves des Douanes).

**G.T. :** *Quelles sont les mesures qui ont été prises par le GEFP ?*

**BCCY :** Nous avons essayé d'être une force de proposition au niveau de l'administration publique afin que celle-ci soit sensibilisée aux problèmes des entreprises et qu'elle prenne les mesures adéquates pour améliorer la situation, mais malheureusement, la plupart du temps les entreprises ne sont pas très écoutées.

Nous tenons nos membres informés des points importants pouvant avoir des impacts sur la vie des entreprises.



Mme Béatrice CHAN CHING YIU, Vice-Présidente du GEFP

**G.T. :** *Après la suspension de l'AGOA, le secteur ne s'est pas effondré, il y a quand même des zones franches qui fonctionnent toujours, comment expliquez-vous ces cas ?*

**BCCY :** Les exportations de Madagascar vers les USA ont été fortement pénalisées par cette inéligibilité du pays à l'AGOA. Les entreprises qui continuent de fonctionner sont celles qui exportent essentiellement vers

le marché européen. En outre, la perte de compétitivité de pays comme la Chine a réorienté la demande des pays européens vers les entreprises malagasy

**G.T. :** *Actuellement, il y a délocalisation des zones franches à Maurice et en Jordanie. Est-ce qu'on peut espérer leur retour ?*

**BCCY :** Il est difficile de se prononcer sur leurs intentions. D'autant plus que les opérateurs attendent désespérément

des signaux très forts de la part des gouvernants sur leurs intentions de faire du secteur privé un moteur de développement du pays. Mais malheureusement ces signaux tardent à venir, et certaines opportunités risquent de disparaître car elles ne se représenteront peut-être jamais. Les marchés auxquels répondent les opérateurs sont en mouvement, de ce fait, les opérateurs sont contraints de prendre des initiatives, de chercher des options intéressantes là où elles existent et de les prendre immédiatement, sinon les marchés leur échapperont.

**G.T. :** *Le Japon s'intéresse aux zones franches textiles à Madagascar. Croyez-vous que ce sera une opportunité pour le secteur et pour Madagascar de se ressaisir ?*

Si de nouveaux investissements viennent à se réaliser à Madagascar notamment dans la zone franche, c'est fortement souhaitable car ils contribueraient au développement économique du pays et cadrent bien avec notre objectif commun et du Ministère d'Etat de l'Economie et de l'Industrie qui est de créer 100 000 nouveaux emplois dans les 5 années à venir.

**G.T. :** *Quelles seront les perspectives du G.E.F.P à l'issue de la crise économique à Madagascar ?*

**BCCY :** Redynamiser le secteur d'où la signature d'un protocole d'accord avec le Ministère d'Etat de l'Economie et de l'Industrie pour que la zone franche malagasy soit plus attractive et pour que le système grossisse encore plus. Car, autrement, si elle ne se développe pas plus, elle va s'essouffler.



Les employées d'une industrie de la zone franche textile en plein travail

▲ Propos recueillis par Jenny MAHAVINA  
Photo Hasindranto RANDRIANANTOANINA

## ACTUALITÉS

## Noho ny krizy Vinavinaina ho 1.500 Miliara Ariary ny vola tsy tafiditra

Vinavinaina ho 1.500 Miliara Ariary eo ho eo ny vola tokony hiditra tao amin'ny Tahirim-bolam-panjakana kanefa tsy tafiditra noho ny krizy misy eto amintsika hatramin'ny taona 2009. Na dia teo aza ny tahotra sy ahiahy naterak'izany dia mbola voaloantsika ara-dalàna foana ny karaman'ny mpiasam-panjakana sy ireo mpandray fisotroan-dronono. Voaloantsika tsara koa ny trosan'ny Firenen-kafa rehetra, voalao ary tsy tara loatra ny fa-

nefana ireo faktioram-panjakana, hoy ny Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana, nandritra ny fitokanana ny Perception Principale Sainte Marie, ny faran'ny volana Jolay teo. Tsy « magie » na « miracle » no nahatonga izany fa vokatra ny fahaizana nifehy ireo tsy mety rehetra tamin'ny fitantanana ny volam-panjakana teo aloha sy ny fampiharana araka ny tokony ho izy ireo lalàna sy didy mifehy izany (orthodoxie financière sy budgétaire).

Tsy sanatria filam-baniny raha toa ka hentitra dia hentitra ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny, toy ny comptable, ny Trésorier Général...amin'ny fitantanana ny volam-bahoaka, ny fanangonana sy ny famoahana izany. Izany fomba fiasa izany no nahafahantsika nifehy sy mbola mifehy ny vola kely izay niditra ka nahafahantsika manao sy mbola hanao asa maro, hoy Andriamatoa Tale Jeneraly.

▲ Yves RAKOTO



## Recrutement des Comptables du Trésor et des Percepteurs Principaux des Finances

### Le respect du principe de l'anonymat

Dans l'objectif d'étoffer son équipe, la Direction Générale du Trésor a organisé des concours administratifs en vue de recruter 40 (quarante) Comptables du Trésor et 30 (trente) Percepteurs Principaux des Finances. Les épreuves se sont déroulées simultanément les mercredi 20 et jeudi 21 juillet 2011 auprès de six centres d'examen, à savoir : Antananarivo, Fianarantsoa, Toliara, Mahajanga, Antsiranana et Toamasina.

2688 candidats ont postulé pour le recrutement des Comptables du Trésor, tandis que 1603 ont opté pour le poste de Percepteurs Principaux des Finances.

Afin de garantir la transparence, la légalité et la crédibilité des épreuves, toutes les dispositions nécessaires ont été prises avant, pendant et après les épreuves.

De prime abord, l'annonce de la tenue des concours par voie d'arrêté a permis aux candidats de s'enquérir de toutes les informations nécessaires quant aux conditions pour pouvoir y participer. En même temps, la Direction Générale du Trésor a confié l'organisation des concours et la prise en main des candidats à l'Institut Malgache des Techniques de

Planification (IMaTeP) dont le savoir-faire en la matière n'est plus à démontrer. Une convention de partenariat a été signée dans ce sens par les parties. Par la suite, la saisine du Bureau Indépendant Anti-Corruption (BIANCO) a été faite par l'IMaTeP en vue d'un partenariat. Pour sa part le Ministère de la Fonction Publique a participé activement tout au long du processus tout en veillant à l'observation des dispositions légales et réglementaire en matière de concours administratif. A noter d'ailleurs que la présidence du jury est assurée collégalement par la Direction Générale du Trésor, le Ministère de la Fonction Publique et l'IMaTeP.

L'organisation de ces concours est conforme au manuel de procédures des concours administratifs en vigueur. Le dispositif de sécurisation a été mise en œuvre dès l'élaboration même des sujets qui ont suivi une procédure spéciale telle que l'établissement des propositions de sujets provenant de différents concepteurs inconnus des Instituts de formation. Les formations dispensées aux surveillants n'étaient pas en reste, lesquels ont même été tenus de

faire un engagement d'intégrité. Tous les sujets sont codés et gardés dans des enveloppes scellées, dont l'ouverture et le tirage au sort par les Co-présidents se font en présence d'un huissier le jour même de chaque épreuve. Les codes ainsi tirés sont communiqués par téléphone aux décodeurs auprès des différents centres pour le décodage.

Pour accompagner la mise en œuvre des mesures de sécurisation, des instructions destinées aux candidats, aux surveillants et aux Chefs de centre ont été émises. Avant l'épreuve, les candidats ont été invités de se séparer de leurs effets personnels (sacs, téléphone portable, etc...). Outre les deux surveillants présents par salle, d'autres ont été chargés de surveiller l'extérieur.

Les manchettes portant les identités des candidats, étant collées et fermées, sont codées de même code d'anonymat aléatoire que les feuilles de copie ; elles sont découpées des feuilles de copie à la fin de chaque épreuve.

Avant de procéder à la correction, le dépouillement de toutes les copies s'effectue en même temps et toujours en présence d'un huis-

sier. Rapidité et sécurité obligent, tout le traitement des données se fait à l'aide d'un logiciel spécialement conçu à cet effet dont l'accès a toujours été sécurisé par un mot de passe détenu par les Co-présidents du jury. Jusqu'à la délibération tout le traitement se fait toujours dans l'anonymat total. Rappelons que le principe d'anonymat ne permet d'identifier ni l'identité du candidat ni la provenance des feuilles.

C'est seulement après la délibération et après établissement de la liste finale qu'on connaît l'identité de ceux qui sont admis définitivement.

Au final, la question qui se pose est de savoir si la mise en œuvre de tout ce dispositif a permis de dissuader les fraudeurs invétérés ? En tout cas, l'administration ne cesse d'innover afin d'éradiquer ce genre de fléau des concours administratifs. Les candidats qui auront le privilège d'être reçus entameront leurs formations, suivies d'un stage obligatoire avant d'intégrer définitivement leurs corps respectifs au sein de la Direction Générale du Trésor.

ACTUALITÉS

# ENAM : Conférence sur l'état des lieux de la gouvernance financière

**E**tat des lieux de la Gouvernance Financière dans le Secteur Public à Madagascar : tel a été le thème d'une conférence donnée récemment par le Directeur Général du Trésor (DGT) aux quelques 200 élèves de l'Ecole Nationale d'Administration de Madagascar, sur invitation de cette école.

Le DGT a basé son intervention sur quatre points. Il s'agit de : *(i)* une réflexion sur la pauvreté qui sévit jusqu'à ce jour ; *(ii)* une analyse de l'histoire économique de Madagascar depuis l'indépendance ; *(iii)* une observation de la culture et des pratiques financières dans le secteur public ; et *(iv)* une analyse de la gestion de la trésorerie de l'Etat en temps de crise.

Premièrement, l'intervenant a voulu partager quelques réflexions sur l'état de pauvreté dans lequel Madagascar vit depuis son indépendance. Il a attiré l'attention de l'assistance sur le fait que le pays dispose pourtant non seulement de beaucoup de ressources naturelles, mais également des capacités humaines et techniques suffisantes pour pouvoir exploiter ces ressources, rendant ainsi paradoxale cette situation de pauvreté chronique.

Deuxièmement, le DGT



Le Directeur Général du Trésor pendant la conférence

a rappelé qu'en matière d'orientation économique, tout a été expérimenté depuis ces 50 dernières années : du libéralisme économique à la nationalisation et à l'interventionnisme de l'Etat, suivis de la politique d'ajustement structurel, puis de la libéralisation et de la privatisation, et enfin, dernièrement, de la promotion de la microfinance et du renforcement de la politique de développement rural. Mais, lui de constater qu'aucune des orientations adoptées n'a pu permettre d'endiguer la pauvreté. Il a alors posé la question de savoir si, en fait, les problèmes du pays ne résident pas dans son mode et sa culture de gouvernance même.

Troisièmement, le conférencier a passé en revue les différents

problèmes de gouvernance financière qui, selon lui, ont contribué à maintenir le pays dans la pauvreté. Il a cité entre autres : *(i)* au titre de la gestion des budgets publics, la corruption et autres mauvaises pratiques en marché public, l'absence de synergie d'investissement et la redondance des contrôles ; *(ii)* dans le domaine de la gestion de trésorerie, la non-maîtrise des instruments de financement ; *(iii)* la politique de surendettement ; *(iv)* concernant la gestion des fonds de contrevaieur, le favoritisme à l'octroi et la culture de non remboursement ; et *(v)* en matière de gouvernance financière locale, la lourdeur de l'organisation administrative et la précarité de l'organisation financière et comptable.

Ensuite, le DGT a parlé de la gestion de la trésorerie de l'Etat depuis le début de la crise jusqu'à présent. Après un bref bilan des impacts négatifs sur la trésorerie, il a présenté les séries de mesures qui ont été prises afin d'en assurer l'équilibre. Il s'agit principalement du retour à l'orthodoxie financière et de l'adoption d'une véritable politique d'austérité, se traduisant par une régulation et un recadrage budgétaire,

le renforcement des contrôles d'opportunité et de régularité des dépenses, le contrôle de moralité des prix, la restriction des recours aux comptes de dépôts, l'évaluation interne de la performance par programme ainsi que la maîtrise de la dette. Et le DGT de terminer son exposé sur les résultats obtenus, à savoir : *(i)* la continuité du fonctionnement de l'Etat et la réalisation des investissements à hauteur de 30%, lesquelles performances, a-t-il souligné, sont les mêmes que celles des années antérieures à la crise ; et *(ii)* la maîtrise des instruments de financement par le Trésor Public. Il a ainsi tiré la conclusion selon laquelle le manque à gagner de 1485.1 mds Ariary de ces 2 ans (soit 750 mds Ariary par an) représente l'économie que l'Etat aurait pu faire en adoptant une bonne gouvernance financière.

« Le retour à l'orthodoxie financière serait-il seulement une contrainte de la crise, mais ne pourrait-il pas devenir une véritable culture ? » C'est sur cet appel à l'inculcation de la culture de bonne gouvernance de tous les responsables du secteur public que le DGT a mis un point final à son intervention.

▲ Jenny MAHAVINA  
Haingotiana RAJEMISA



Les élèves de l'ENAM toutes filières confondues

## SOSIALY

## Ireo nandeha nisotro ronono ny volana Aogositra 2011



## Léonard Roland ROBELSON

ACCPDC



Ny 14 Aprily 2010 no nanomboka niasa (ELD) tao amin'ny ACCPDC, Andriamatoa Léonard Roland ROBELSON. Mia-loha io dia nanao « bé-névole » an-taonany maro tao izy. Ny 01 Aogositra 2011 teo izy no lasa nandeha nisotro ronono. Tsy dia nanana toetra nampiasaka azy loatra Atoa ROBELSON fa dia niasa toy ny rehetra ihany.

## Alexis RAKOTOMANANTSOA

Caissier Principal tao amin'ny TG Ambositra, 28 taona niasana



Nianatra asa tao amin'ny ACCT izy teny am-piandohana, voatendry hiasa tao amin'ny PP Manandriana avy eo. Nifindra tao amin'ny TG Ambositra nanomboka ny taona 1984. Anisan'ireo mpiasa manara-dalàna tsara amin'ny ora fiasana izy. Nanavanana azy ny asa niandraiketany satria efa 15 taona no nitazonany « caisse ». Nahafinaritra ny fifampitondrany teo amin'ny mpiara-miasa. Mbola maniry hiasa roa taona amboniny Atoa Aléxis raha toa ka azo atao.

## Odin RANDRIAMANGAMALALA

PRMP-n'ny Trésor, 12 taona niasana



Efa niasa tao amin'ny Service du Personnel et de la Logistique izy, nandalo tao amin'ny ACCT sy

DCP. Nifindra tao amin'ny Service des Assurances avy eo ary nijanona tao mandram-pandehanany nisotro ronono ny 10 Aogositra 2011. Tia miresaka sy mifandray aman'olona ary mitsikitsiky lava i PRMP. Hentitra kosa eo amin'ny fanantanterahana ny asany.

## Lanto RAHELIMALAKO

Contrôleur du Trésor, 28 taona niasana



Tao amin'ny Budget no nanomboka niasa Ramatoa Lanto. Nifindra tao amin'ny ACCT, tao amin'ny sampan-draharahan'ny « dette exté-

rieure » izy avy eo.

Nahafinaritra ny fiaraha-miasa taminy, hoy ireo mpiasa amperin'asa. Mazoto miasa tsara izy, ary anisan'ireo lohalaharana mampianatr'asa ireo namany amin'ny maha tranainy azy. Afa-po tamin'ny asany aho, hoy ny lehibeny.

## Elisa Armand RAJAONARISON

Chef de poste, tao amin'ny PP Ambatomainty, 31 taona niasana



Tao amin'ny PP Fandriana no nanombohany niasa, nahazo famindran-toerana tao amin'ny PP Ambatomainty izy. Avy eo lasa tany amin'ny PP Ambovombe ary nijanona tao amin'ny PP Ambatomainty mandram-pandehanany nisotro ronono. Nahafinaritra azy ny ezaka hataon'ny foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-

panjakana eo amin'ny fampitaovana ny Perceptions Principales manerana ny Nosy sy fitsinjovana ireo mpiasa. Amin'ny naha sefo azy dia niezaka hatrany izy nanome modely sy nampatsiahy ny mpiara-miasa ny adidy sahaniny. Mavesatra loatra ny asantsika, koa dia mirary fahamalinana hatrany, hoy Atoa Armand.

## Irène RAZAFIMANISA

Secrétaire tao amin'ny DDP, 38 taona niasana



Tao amin'ny Assemblée Nationale tany amin'ny taona 1973 no nanomboka niasa izy. Nahazo famindran-toerana tao amin'ny DDP ary tsy niala tao intsony mandram-pandehanany nandeha nisotro ronono. Anisan'ireo mpiasa tena « ponctuelle », mazoto miasa ary manara-dalana be Rtoa RAZAFIMANISA.

Mba manaraha ny diako ianareo zandry sy zanaka aty aoriana, hoy ny tenany. Marihina fa nahazo ny mariboninahitra « Commandeur de l'Ordre National » i Rtoa Irène, rehefa niandry izany hatry ny ela.

▲ Nangonin'i Yves RAKOTO

*Ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana dia mankasitraka sy misaotra ary mitsodrano azy enina mianadahy, noho ny asa vitan'izy ireo.*

## AKON'NY FITSIDIHANA

## Ra-Maurice : nahavita be tao amin'ny TG Fort-Dauphin nefa tsy nandray karama nandritra ny 21 taona

Mpiasa nahavita be sady nahafatra-po tao amin'ny TG Fort-Dauphin Atoa Maurice Albert RANDRIANASOLO, na Ra-Maurice. 66 taona izy amin'izao fotoana izao kanefa dia mbola manohy miasa hatrany. Nanomboka tamin'ny 1990 izy no niditra niasa tao amin'ny TG Fort-Dauphin. Irakiraka na « planton » no asa niandraiketany. Anisan'ireo mpiasa nahafatra-po indrindra izy. Ny tena nampiasaka azy dia izy tsy mba nandray karama fa ny latsakemboka ataon'ireo mpiaramiasa taminy ao amin'ny TG no nivelomany hatramin'izay. Tsy mba

anisan'ireo nahazo ny tombontsoa rehetra azon'ny mpiara-miasa taminy izy. Tsy nampiova ny fahazotoany miasa anefa izany nandritra izay fotoana rehetra izay. Araka ny fanambaran'ireo mpiaramiasa aminy dia izy no tonga aloha indrindra ao am-piasana. Izy ihany koa no miala ao farany. Rehefa tsy salama ihany izy vao mba manapaka tsy miasa. Manoloana izany indrindra dia notadiavin'ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana ny fomba rehetra nampidirana azy ho mpiasam-panjakana raikitra saingy tsy azo notanterahina izany satria

efa nihoatra ny fetra voafaritra ny lalàna ny taonany. Ho fankasitrahana azy manokana noho izany asa vitany izany dia nanapa-kevitra ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana fa homena azy avokoa ny « remise » rehetra izay tsy noraisiny nanomboka tamin'ny taona 1990 ka hatramin'izao. Izany no natao dia mba ho fitsimbina azy amin'ny fahanterany satria tsy mba afaka handray vola fisotroandronono toy ny mpiasam-panjakana rehetra izy.

▲ Rivolala RANDRIANARIFIDY



Atoa Maurice Albert RANDRIANASOLO

## AKON'NY FITSIDIHAM-PARITRA

Tany amin'ny TG Tolagnaro sy ny TG Ambovombe Androy no nanohizan'ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana ny fitsidihana ireo « postes comptables » tamin'ity volana aogositra 2011 ity. Nitohy ny fihonana tamin'ireo mpiasa sy ny fijerena ifotony ny olana mianjady amin'izy ireo sy ny famahana izany olana izany.

### TG TOLAGNARO : tsy maintsy hamafisina ny fiarovana ny volam-bahoaka

**N**andritra ny fihonana tamin'ireo mpiasa tany amin'ny TG Tolagnaro no nanambaran'Atoa Orlando ROBIMANANA, Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana fa mitohy hatrany ary hamafisina ny fiarovana ny volam-bahoaka. Tafiditra tao anatin'ny fanatanterahana izany ny fametrahana ny rafitra mpanaramaso, izay natsangana taona vitsivitsy lasa izay. Nitondra vokatra azo tsapain-tanana io fanarahamaso io ka tokony hamafisina, raha tsy hiresaka afa-tsy ny « cellules d'inspection ». Misy ny lesoka amin'ny fitantanana ka tsy maintsy

ary mbola hotohizana izay tokony hatao any amin'ny faritra hafa izay mbola tsy nanaovana izany.

Notsindrian'Atoa Tale Jeneraly manokana fa tsy ny vola akory no nitombo fa ny fitantanana sy fitsinjarana azy no nohavozina mba hifanaraka amin'ny pôlitikan'ny Tahirim-bolam-panjakana amin'izao fotoana izao. Tokony ho hain'ny « poste comptable » tsirairay ny mampiasa ny sorabola izay eo ampelatanany. Nahena ny sorabolany « services centraux » noho ny pôlitikan'ny fitsitsiana, saingy nampitomboina kosa ny an'ny any amin'ny « postes comptables ».



Ny tranon'ny TG Tolagnaro

« postes comptables » maro kosa dia, misy fepetra horaisina ato anatin'ny fotoana fohy. Ezaka mbola hotanterahina ny fanomezana fiara ny Trésor rehetra izay tsy manana. Tsy hisy mihitsy fanambatanbazana fa rehefa tsy misy ny mpitandro filaminana manao « escorte » dia

aman-dalàna dia tsy maintsy arahina mpitandro filaminana ny fitaterana ny vola. Hakatona ihany koa izay « poste comptable » tsy andrasan'ny mpitandro filaminana. Momba ny fanamafisana ny trano sy ny caisse indray dia manao ezaka tsy omby tratra amin'ny fanamboarana



Nitsidika ny biraon'ny TG ny delegasiona

andrasana fepetra. Eo ihany koa ny lafiny fampitaovana satria iankinan'ny fiarovana ny volam-bahoaka ny fahatomombanan'ny fitaovana, toy ny fitaovana fanisana vola sy fikajiana vola ary ny fitiliana vola sandoka. Notolorana ireo fitaovana arifomba ireo ny TG Tolagnaro. Ezaka lehibe no efa natao

Raha tsy hiresaka afa-tsy ny an'ny TG Tolagnaro manokana dia 16 tapitrisa Ariary ny tetibola tamin'ny taona 2008, nampitomboina ho 33 tapitrisa Ariary izany ny taona 2009 ary niakatra ho 72 tapitrisa Ariary kosa tamin'ny taona 2010.

Mikasika ny fitaterana ny vola, izay mampitaraina ny lehiben'ny



Hamboarina ity tranon'ny « Fondé de Pouvoirs » ity

ajanona avy hatrany ny fitaterana vola. Araka ny voafaritry ny didy

ny trano ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana. Tafiditra indrindra ao anatin'ny laharam-pahamehan'ny Trésor amin'izao fotoana izao ny fananganana trano vaovao manara-penitra toy ny tany Mitsinjo sy Ikalamavony izay vao notokanana tsy ela akory izay. Efa vita sy hotokanana tsy ho ela ihany koa ny trano vaovao any Kandreho. Efa vita ny « appel d'offre » momba ny PP any Amboasary. Nohavozina sy nohamafisina ny tranon'ny PP any Sainte Marie sy Manantenina



Ny fihonana'ny mpiasa tamin'ireo tompon'andraikitra

AKON'NY FITSIDIHAM-PARITRA

TG AMBOVOMBE

Notsidihin'ny iraky ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana

Ny Trésorerie Générale Ambovombe Androy no anisan'ireo naorina farany indrindra tamin'ireo faritra 22 eto Madagasikara. Tamin'ny fankalazana ny faha-45 taonan'ny Tahirim-bolam-panjakana ny taona 2008 no nitokanana azy. Araka ny fanambaran'Atoa TANTE-LINIAINA Angelin Patrick, Trésorier Général dia tsy nisy afa-tsy efatra no isan'ireo mpiasa tany an-toerana taloha. Tamin'ny voalohan'ny taona 2009 vao nisy fampitomboana ny isan'ny mpiasa tao amin'ny TG Ambovombe Androy. Mahatratra 15 ny isan'izy ireo amin'izao fotoana izao. Efa misy mpitantana avokoa ny compute tsirairay avy.

Fantatra nandritra ny fitsidihan'ny iraky ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana tany an-toerana fa maromaro ihany ny olana sedrain'ny TG Ambovombe Androy



Fitaovana arifomba no natolotra

sy ireo Perceptions Principales miankina aminy amin'izao fotoana izao. Ho an'ny TG manokana dia mila fanamafisana ny fefy manodidina satria iva loatra mora iakarana ny tamboho. Very vokatr'izany ny fitaovana fitahirizan-drano ka very fotsiny ny rano rehefa avy ny orana. Olana lehibe ho an'ny mpiasa ny fahalafosana sy ny tsy fisian'ny rano any Ambovombe. Ankoatr'izay dia tsy misy ny toeram-pivoahana ao amin'ny biraon'ny TG. Nangatahan'ireo mpiasa ihany koa ny fanavaozana ny fitaovana informatika, izay tsy mbola niova hatramin'ny nanokafana ny TG. Manoloana izany dia nitondra vahaolana avy hatrany ny Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana. Nekena ny hanomezana fitahirizan-drano sy toeram-pivoahana manarapenitra ho an'ny TG mba hanala fahasahiranana ny mpiasa.

Anisan'ny nisongadina nandritra ny fotoana nandalovan'ny iraky ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana tany an-toerana ihany koa ny fahadiovan'ny tranon'ny TG any Ambovombe Androy. Nilaza Atoa TG fa miezaka mitazona ny fahadiovan'ny trano izy ireo hatramin'izao. Tsy mbola misy simba ny loko sy ny efitra fandraisana olona. Na dia izany aza dia mila fanatsarana hatrany ny fandraisana ireo zokiolona satria mila seza fiandrasana izy ireo.



Ny fandraisana tao Ambovombe

Mikasika ny tontolo manodidina indray dia nanambara Atoa TG fa ratsy dia ratsy tokoa ny lalana any amin'ny faritra iny. Misedra olana noho izany izy ireo satria efa antitra dia antitra tokoa ny fiara tsy mataho-dalana iray ampiasain'izy ireo. Tsy afaka mandeha manatitra vola any amin'ny PP any Bekily izy ireo satria atahorana ho simba ilay fiara kanefa lafo dia lafo ny fikojakojana azy. Olana iraisan'ireo Perceptions Principales any amin'ny faritr'Ambovombe Androy iny ny faharatsian'ny fotodrafitrasa, raha tsy hire-saka afa-tsy ny any Tsihombe sy Beloha. Manoloana izany dia nanambara

ny Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana fa tsy maintsy vahana avy hatrany izany olana izany mba hiarovana ny volam-bahoaka. Na tsy azo tanterahina avy hatrany aza ny fananganana trano vaovao dia tsy maintsy jerena kosa ny fanamafisana ny hidin'ireny Perceptions Principales ireny.

▲ Rivolala RANDRIANARIFIDY



TAHIRY

Bulletin mensuel d'information et de liaison de la Direction Générale du Trésor

Directeur de Publication

Orlando ROBIMANANA

Rédacteur en Chef

Tiana RAJAONARIVONY RAMANOEL

Comité de Rédaction

- Jean Noël RANAIVOSON
- Haingotiana RAJEMISA
- Mbolatiana RAMAMONJISOA
- Hanitra RANDRIANIRINA
- Naomi RAVONIRINA
- Zoely Narindra RAKOTONINDRANY
- Rivolala RANDRIANARIFIDY
- Yves RAKOTO

Jean Damascène RABEOAVY

Landy ANDRIAMIALIZAFY

Tojo Hasina RAKOTOSALAMA

Jenny MAHAVINA

Haingotiana RAHANIRAKA

Infographiste/P.A.O.

Hasindranto RANDRIANANTOANINA

Adresse

Porte 311, Ministère des Finances et du Budget

Antananarivona, 101 Antananarivo

e-mail : [tresor@moov.mg](mailto:tresor@moov.mg) – Tél. : 22 276 14

Imprimé en 1 400 exemplaires

ALAVOLY

Sinoa gasy

Raha nanontaniana ity sinoa lahy iray hoe : « Inona avy no karazana tongolo fantatrao ? » Dia hoy izy namaly : « ...tongolo oignon, ...tongolo gasy, ...tongolo ravina, ...tongolo batita ! »

SUDOKU N° 09

1	4	5	6	9	2	3
	9		2			5
5			8			1
		7	3			
3	5		1		6	4
		6	8			
2			9			7
	7		3			4
4	8	2	7	5	9	6

▲ Nangonin'i Yves RAKOTO

MIHOMEHEZA KELY !



Inona akia no fomba hialako an'ireto mpanadala ireto ?

Mitodina fotsiny any aminy akia!